Laharana 7737 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 05 desambra 2023

# Gazetiko

www.gazetiko.mg

NAMONTANA

## VEHIVAVY KARANA NITONDRA MÔTÔ VOATIFITRA, LASA NY VOLA

4

MARINA IZANY !

## ZARY HADINODINO !

7

RAHARAHAM-PIRENENA

## VOVONAN'NY MPANOHITRA MAROMARO NO SAHY MIJORO




7

PAUL RAFANOHARANA

7

# NALEFA NOTSABOINA TENY AMIN'NY HJRA, OMALY



KITRA " SECTION TANA "

## HAMPIASA KARA-PILA-LAOVANA BIÔMETRIKA

8

FE-POTOAM-PIASANA 2024


## NY FLM NO HITANTANA NY FFKM

7



VAOVAO
Telma
Mikôzy fô miaraka @MVola
Mikôzy KAIKY
15 min
1 Go INTERNET
48 ora
4 000 Ar
TSINDRIO NY #111*1*1#
TOLOTRA MANAN-KERY @MVOLA IHANY
MVola
GCL 690/25-4

MVola AVANCE
EO NOHO EO HATR@ 1 000 000 Ar
TSY MILA TARATASY
TSY MILA ANTOKA
TSINDRIO NY #111*1*3*2#
NA AMPIASAO NY APP
MVola
GCL 691/25-4



Miss Maman Analamanga 2024

# Tontosa tamin'ny sabotsy teo ny "casting" andiany voalohany

*Fifaninanana amin'ny fahatsarana anaty sy ivelany, indrindra ny toetra mba ho reny mendrika.*




Ireo voafantina tamin'ny " casting " andiany voalohany.

Notontosaina tamin'ny sabotsy lasa teo ny andiany voalohany amin'ny « casting » na ny fifantenana izay ho Miss Maman Analamanga 2024. Nisy 23 teo izy ireo no voafantina tao anatin'izany. Ho tanterahana amin'ny zoma izao kosa ny tapany faharoa sady famaranana ny fifantenana. Aorian'izay dia hiatrika ny dingana rehetra amin'izay ireo reny izay voafantina, raha araka ny fanazavana azo moa dia hararitra enim-bolana ny fifaninanana ary hisy fifanintsanana indroa ka izay tafiakatra amin'izay no manao ny dingana famaranana. Any amin'ny volana jona 2024 any mihitsy moa araka izany vao hifarana ity lalao ity. Mizara telo moa ny fitsarana ho an' ireo mpifaninana mba ho tafiakatra amin'ny dingana famaranana ka miseho araka ny fifaninanana mitranga izany : « vote public » ho an'ny sary sy horonantsarin'ireo mpifaninana izay ho alefa ao anaty pejy fesiboky « miss maman»; « vote jury » ho an'ny fifaninana mivantana izay misy fifanintsanana sy ny dingana famaranana ary « vote comité » ho an'ny fitondran-tenan'ny mpifaninana amin'ny ankapobeny sy ny ezaka vitany. Marihana moa fa tsy ny eto Analamanga ihany no mandray anjara amin'izy ity fa misy koa ny avy any amin'ny faritra. Efa mandeha sy mizotra ny fifaninanana any amin'ny faritra amin'izao ary mivoaka isamparitra ny sarin'ireo mpifaninana ho asian'ny olona « réaction ». Ho an'ny faritra Atsinanana izao efa nivoaka ny mpifaninana avy any. Raha tsiahivina kely moa dia sehatra ara-kolotsaina hafa iray ho an'ny renim-pianakaviana Malagasy ny fifaninana « Miss Maman Madagascar » satria dia ahazoana namana vaovao, fahalalana sy fanabeazana amin'ny lafiny maha-reny, ary fifampizaràna traikefa ihany koa ankoatra ny maha tena fifaninana azy. Fifaninana amin'ny fahatsarana anaty sy ivelany, indrindra ny toetra mba ho reny mendrika tokoa. Reny mpanabe, mpitaiza, fitaratra ho an'ny ankohonana sy ny manodidina.

**Tanya.R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Fafao avokoa ny namana rehetra nampitondra fahoriana.
Ho mafy aminao izany kanefa amin'ny voalohany ihany
no mety tsy ho zakana fa ao aoriana ao
Dia hiaiky indray ianao hoe soa fa izay no natao."
Ny Vetso (14.05.16)
("Balayer tout ce qui vous fait de la peine. Cela vous fera mal pendant un moment mais pas toute la vie.")

Minah Bolimakoa

## Hitondra ny kantony ho an'ny mpankafy etsy amin'ny CGM



Hihaona amin'ny mpankafy eto Antananarivo sy ny manodidina i Minah Bolimakoa.

Mpanakanto nisongadina tamin'ny Festival Angaredona 2015 Angelina Marie Rose na i Minah Bolimakoa amin'ny maha mpanakanto azy. Mbola kely anefa izy dia ny mozika no nitaizana azy ary ankaotra izay dia nandimby ny talentan'ny Bolimakoa razambeny izy. Ny dadan'ny renibeny niteraka ny rainy no mpitrendry valiha nikoizana teo amin'ny tananany tany Sambava ary namela hira maro nomena an'i Minah Bolimakoa ankehitriny. Tao amin'ny Tence Mena anefa no niandohany ary taty aoriana dia nandeha irery izy. Ankoatra izay dia efa nandray anjara tamin'ny fifaninanan-kira iraisam-pirenena maro ihany koa izy. Anisan'ny hira nahafantarana azy ilay hira hoe "Raharaha Sarotro" sy "Sakinô". Hanolotra fampisehoana entiny hamaramaranana ny taona etsy amin'ny CGM Analakely i Minah Bolimakoa ny 16 desambra ho avy izao. Amin'io fotoana io no hihaonany amin'ny mpankafy azy eto Antannarivo sy ny manodidina amin'ity taona 2023 ity hitondrany ireo kantony sy ny mampiavaka azy eo amin'ny tontolon'ny mozikany izay tsy voafetran'ny sisin-tany sy gadona. *"Manao gadona izay tiako aho sy mety amin'ny feoko ary mampahazo aina ahy ny mihira azy, fa tsy maintsy mametraka foana ny loharano nipohirako ihany koa amin'izay hira ataoko sy avoakako rehetra. Safidiko ny tsy hivohy gadona manokana satria tsy tia hametraka fetra amin'ny zavakantoko aho"* hoy i Minah Bolimakoa. Amin'ny maha renim-pianakaviana azy dia sarotiny amin'ny fitandroana ny zon' ny vehivavy sy ny ankizy izy ary saika manodidina izay no voiziny anaty tonon-kirany.

Manomboka amin'ny 3 ora tsy diso ny fampisehoana ataony etsy amin'ny CGM amin'io andron'ny 16 desambra io. Tsy misy ny vidim-pidirana saingy mila tonga mialoha ihany. Tanjon'ny mpikarakara sy ny CGM Analakely moa ny fampiroboroboana ny kolontsaina malagasy amin'ny endriny samihafa ka ny fampisehoana tahaka itony no hanasongadinana azy.

**Tiaray R**

Tarika Disaraga

# Hanandratra ny dihy sy ny kolontsaina malagasy any La Réunion



Tarika Disaraga manandratra ny dihy sy ny kolontsaina malagasy.

Tarika hivondronan'ny mpandihy sy mpitendry zavamaneno noforonin'i Saraela Ramparany tamin' ny taona 1982 ny Dihy Sara Gasy na DISARAGA. Mikasa ny hanao fampisehoana any La Réunion miaraka amin'ny fikambanana Mi Dance ao La Réunion izay tarihin'i Dominique Marceau izy ireo amin'iny taona vaovao 2024 iny. Araka ny fanazavana dia any amin'ny volana jona any no hihazo an'i La Réunion ny tarika ary ny fampisehoana atao any dia miompana indrindra amin'ny dihy, sy mozika ary ny teatra. Mbola entin'ireto tarika roa tonta ireo eto Madagasikara indray izany fampisehoana izany any amin'ny volana Septambra taona 2024. Ny volana Janoary taona 2024 izao no ho tonga eto amintsika hifampizara traikefa sy hampiofana eto Madagasikara mikasika ny dihy sy ny manodidina azy i Dominique Marceau ary ao amin'ny K'olo DISARAGA izay toerana fianarana dihy no handehanany voalohany. Marihana fa efa nisy ny fihaonana teo amin'ny andaniny sy ny ankilany ny 25 novambra lasa teo. Nikarakara varavarana misokatra ho fampahafantarana ny hetsika ataony ny Disaraga, izay miompana indrindra amin'ny fanofanana ny dihy, ny gymnastique, ny mozika ary ny teatra. Azo antoka fa tsy mampiofana mpandihy manan-talenta fotsiny ny Disaraga, manana vina mivelatra kokoa amin'ny dihy izy ary miahy ny hoavin' ny mpanakanto tanora. *"Ny olan'ny tanora amin'izao fotoana izao dia ny tsy faharetany sy ny fahavononany hilavo lefona manoloana ny zava-tsarotra."* Hoy Saraela Ramparany. Amin'izao fotoana izao, 8 mianadahy ny mpikambana mandrafitra ny Disaraga ahitana mpanakanto valo (efatra vavy sy efatra lahy) sy tarika mpandihy, miaraka amin'ny mpitendry zavamaneno efatra eny an-tsehatra. Ireo mpandihy ireo dia nofanin'i Saraela mihitsy, izay tsy mampiasa talenta vahiny. Izy koa no mpamorona ny mozikan'izy ireo.

**Tiaray R**

Solomon Rakotonirina

# "Fositra mamotika sy manapoizina ny literatiora ny litera tosaka"



Aman-jatony ny tononkalo nosoratany, isan'andro izy mamoaka tononkalo eo amin'ny pejiny.

« Litera tosaka ». Izay no andikan'i Solomon Rakotonirina, mpanoratra, mpiray faribolana Sandratra ao Antsirabe ny : *« soratra tsy manara-penitra an-tambajotran-tserasera maro misy no adikako tsotra hoe litera tosaka »*. Izay mitosaka amin' ny fiheveran'ny mpanoratra sy izay itiavany azy fotsiny. Na tsy mipetraka amin'izay tokony ho izy aza ny rafitra sy ny drafitra maha kanto sy mahavelona izany asa soratra izany », hoy izy. Io « litera tosaka » io no ambarany fa : *«Anisany fositra, ary fototra iray mamotika sy manapoizina ny literatiora malagasy »*. Vokatr'ireny, no lazainy fa « mahatonga ny mpamaky hihevitra fa toy izany daholo ny asa soratra rehetra any anatin'ireny boky efa voatsara sy efa voadinika miely sy hitantsika avoakan' ny mpanoratra sy poeta manana ny maha izy azy ireny, ka mahatonga ny literatiora malagasy tsy tafapetraka amin'ny toerana tokony ho sahaza azy. Arak'izany, malaina ny olona hamaky boky sy hividy boky eto amintsika. Torana ny literatiora malagasy Antony iray io, fa voalazany ihany koa fa fahefa-mividy sy ny fahalafosan'ny fanatontosana boky ary indrindra ny firoboroboan'ny teknolojia no tsy mandrisika intsony ny olona hividy boky. « Ka tsy mahagaga raha nivohitra teny amin'ny bar à livre teny amin' ny Park Bemasoandro Itaosy-Unis nandritra ny alimbetso nataon'ireo mpanoratra sy poeta efa manana ny toerany eo amin'ny literatiora Malagasy ny andron'ny 18 Novambra 2023 lasa teo fa Torana ankehitriny ny literatiora Malagasy , na adika tsotra hoe "litera torana" », hoy ny fanazavany. Teraka tamin'io ny adihevitra nanao hoe : « mbola azo heverina ve fa afaka hilahatra tokoa amin'ny fanatontoloana sy ny fandrosoan'ny hairaha avolenta misy sy hita ankehitriny ny Literatiora Malagasy voarakitra am-boky?. Anjaran'ny tsirairay ny maminavina ny valiny », hoy i Solomon.

**Fy**

Fanondranana jirofo

# Niampy 73 ireo mpandraharaha nomena fahazoan-dalana

*107 ny fitambaran'ireo fahazoan-dalana navoakan'ny fanjakana.*

Nivoaka ny lisitra fanampiny ho an'ireo mpandraharaha nahazo ny fahazoan-dalana hanondrana jirofo ho an'ny taom-panondranana 2023-2024. Niampy 73 ireo orinasa nomen'ny minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana fahazoan-dalana. Orinasa vaventy ny roa tamin'ireo raha toa ka orinasa madinika sokajiana ho artisanaly ny 71 ambiny. Tsiahivina fa efa tamin'ny 15 novambra lasa teo no namoahana ny lisitra voalohany, izay nahita orinasa vaventy 34. Miisa 107 araka izany ny fitambaran'ny fahazoan-dalana manondrana jirofo nomen'ny fanjakana ho an'ity taom-panondranana 2023-2024 ity. Teo anelanelan'ny 22 septambra ka hatramin'ny 6 oktobra lasa teo no nandraisana ny antontan-taratasin'ireo mpandraharaha nanao fangatahana. Anisan'ireo fepetra takiana amin'ireo nahazo ny fahazoan-dalana ny maha ara-dalàna azy voalohany indrindra, ary ny fahavitana ny adidy ara-ketra sy ny fahavitana ny fampodiana ireo vola vahiny azo tamin'ny fanondranana natao. Efa nosokafana tany amin'ny antsasaky ny volana septambra lasa teo ny taom-piotazana jirofo. Raha ho an'ny taom-piotazana 2022-2023 dia nahatratra 34 867 taonina ny vokatra jirofo teto Madagasikara. Avy amin'ny faritra Analanjirofo avokoa ny 90 isanjaton'ny famokarana. Velaran-tany eo amin'ny 70 000 Ha no misy fambolena jirofo eto amintsika, ary eo amin'ny 18 000 mahery ireo tantsaha mpamokatra misehatra amin'izany. Mankany Inde, Indonezia, Singapour, ary Eôrôpa ireo vokatra jirofo aondran'i Madagasikara amin'ny ankapobeny.



**Mandray anjara amin'ny fampidirana vola vahiny ny fanondranana jirofo.**

**R. Muray**

COP 28

# Tanjona ny hitazomana ny fiakaran'ny maripana ho 1,5°C

Tanterahina any Dubai nanomboka ny alakamisy 30 novambra hatramin'ny 12 desambra 2023 ny fivoriambe an-tampony momba ny tontolo iainana na COP 28. Mitondra faisana amin'ny voka-dratsy ateraky ny fiovaovan'ny toetrandro i Madagasikara na ara-tsosialy na ara-toekarena indrindra ny fotodrafitrasa sy ny harena voajanahary. Isika rahateo firenena marefo eo anoloan'ny loza voajanahary indrindra ny rivodoza izay mitondra ranobe isan-taona. Miandrandra vahaolana haingana sy fanohanana eny ifotony ireo malagasy marobe miaina mivantana sy iharan'ny tsindry isan-karazany. Marobe ireo tomponandraikitra eto amin'ny firenena lasa nihazo an'i Dubai ary voalaza fa natokana hiresahana an'i Madagasikara ny andron'ny alahady 3 desambra ary niezaka nasongadina tao amin'ny pavillon Madagasikara izany. Nisy ny fifampizarana traikefa teo amin'ireo mpisehatra malagasy na vahiny mahakasika ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro, fanasongadinana ny dingana vitan'i Madagasikara amin' ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro, fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ireo firenena hafa sy ireo mpiaramiombon'antoka. Nisy ihany koa famelabelarana mahakasika ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetrandro eo amin'ny lafiny ara-toekarena eto Madagasikara. Ny azo antoka, efa nisy fandaniana ny fametrahana ny tahirimbola mahakasika ny "fahavoazana sy ny fanonerana" ho an'ireo firenena mizaka ny vokadratsin'ny fiovan'ny toetrandro. Anisan'izany ny Fiombonaben'ny firenena Arabo izay mandray ity COP 28 ity nanome famatsiambola mitentina 100 tapitrisa dolara ho an'ity tahirim-bola "fahavoazana sy ny fanonerana », ny firenena Alemana 100 tapitrisa dolara, ny Vondrona Eoropeana 145 tapitrisa dolara, Etazonia 24,5 tapitrisa dolara, Japon 10 tapitrisa dolara ary Angletera 75 tapitrisa dolara, Frantsa 100 tapitrisa dolara.

**Nath**

Minisitra Soafilira Princia - Olona manana fahasembanana

# Efa arafitra ny politika nasionaly ho fampiatiana sy ho fampizakantena

*''Efa eo am-pandrafetana ny politika nasionaly ho fampiatiana sy ho fampizankantena ireo olona manana fahasembanana, hahafahanan'izy ireo hisitraka ny zony mitovy amin'ny olona rehetra izahay. Manentana ny olona rehetra tsy ankanavaka, na ny eo anivon'ny fitondram-panjakana, na ianareo mpandraharaha amin'ny sehatra tsy miankina, na ianareo mpikatroka eo anivon'ny fiarahamonim-pirenena, na ianareo mpiara-miombon'antoka, indrindra ianareo fikambanana miahy ny olona manana fahasembanana, mba hifanome tanana, hijery manokana ny fanohanana sy ny fampiatiana azy ireo, mba tsy ho vesatry ny fiarahamonina, ka ho mpandray anjara feno amin'ny fampandrosoana,* hoy ny Minisitra Soafilira Princia omaly.Tsiahivina fa andro iraisam-pirenena ho an'ny olona manana fahasembanana ny 3 desambra isan-taona.

**Asa mendrika**

Niarahaba manokana an'ireo olona manana fahasembanana ny Minisitry ny mponina. Raha ny lohahevitra tamin'ity taona ity dia ny hoe: " Asa mendrika ho an'ny olona manana fahasembanana''. Tsapanay tokoa mantsy ny finiavanareo hifanome tànana ho fampandrosoana ny firenena ao anatin'ny fampiatiana, ka izany indrindra no mahatonga ny fitondram-panjakana amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny mponina, miezaka hanatsara ny lalàna laharana faha-97.044, tamin' ny 02 febroary 1998, mba hifanaraka amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena mahakasika ny zon'ireo olona manana fahasembanana. Raha ny antontanisa navoakan'ny RGPH-3 tamin'ny taona 2018 natao teto amintsika dia 154255 izao no isan'ireo olona manana fahasembanana eto Madagasikara. 1, 3 miliara kosa raha ny manerantany.

**Heriniaina A.**

Holafitry ny Infirmiera eto Madagasikara vaovao

# Hampihatra ny lalàna amin' ireo izay misandoka ny asa



**Vonona ny hanatsara ny asan'ny Infirmiera eto Madagasikara ny birao vaovao, hoy Atoa John Love.(Sary: HAR)**

*''Ny sazy mahakasika an'ireo olona izay tsy nianatra na tsy Infirmiera akory kanefa dia manao izany asa izany dia ny lalàna no hampiharina satria ny misandoka ny asa ka azo enjehin'ny lalàna. Halefanay eny amin'ny fitsarana izay tratranay amin'izany ka ny mpahay lalàna no hanasazy amin'izany fa izahay dia tena hitory ny olona manao ny asan'ny Infirmiera kanefa tsy manana diplaoma amin'izany'',* hoy Atoa Andrianarison Jean Aimé na John Love, izay voafidy vonjimaika filohan'ny holafitry ny Infirmiera eto Madagasikara taminay omaly. Nambaran' Atoa John Love fa manomboka izao dia ho sarotiny izy ireo ary hanara-maso satria maro ireo rafitra hapetraka. Raha ny zava-misy eto Madagasikara dia Infirmiera iray miandraikitra marary 5000 raha tokony ho olona 400 no fenitra iraisam-pîrenena . *''Reraka ireo Infirmiera rehefa manatanteraka ny asany. Na amin'ny asa miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana. Izany no hanaovako antso amin'ny fanjakana mba hijery akaiky ny holafitra, satria maro ny Infirmiera no manao asa an-tselika kanefa tsy mbola voaray ho mpiasam-panjakana. Miangavy antanandroa ny tomponandraikitra mahefa satria maro ny poste budgetaire amin'ny taona 2024 mba hametraka vaindohandraharaha ny fandraisana ho mpiasam-panjakana sy ny sehatra tsy miankina ihany koa an'ireo Infirmiera ho raisina ho fonksionera'',* hoy hatrany Atoa John Love. *'Mandalo ady goavana izahay amin'ny famerenana ny tandrohasin' ny Infirmiera satria: maro ireo olona milaza fa Infirmiera kanefa tsy izany akory ka mamotika ny asa izany'',* hoy hatrany izy. Raha ny vokatra tsy mbola ofisialy dia nahazo salanisam-bato 45 isanjato mahery ity filoha vaovaon'ny holafitry ny Infirmiera ity.

**Heriniaina A.**

Fivezivezena an-tanandehibe

# Fokontany 9 eto an-dRenivohitra hanaovana andrana

Mitohy ny fampandrosoana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Vita sonia omaly, tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely ny fifaraham-piarahamiasa teo amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny ONG Gret, momba ny tetikasa "Pépinière Urbaine d'Antananarivo" , na fivezivezena tsotra an-tanàndehibe. Haharitra 3 taona ny tetikasa, koa fokontany sivy ao anatin'ny boriborintany efatra no hanaovana andrana amin'izany. Tohan'ny AFD vola ny fanatanterahana ny asa, izay tafiditra ao anatin'ny fanomanana ny tetikasa Lalankely fahefatra raha toa ka efa maro ireo fotodrafitrasa vita tao anatin'ny tetikasa Lalankely fahatelo toy ny lalankely sy tetezana. Natao hitezana sy handrindrana ny fiainam-piarahamonina ity tetikasa ity, koa misy ny fifanomezan-tanana eo amin'ny kaominina sy ny mponina amin'ny fahombiazan'izany.

**R. Muray**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 688/20-18)

### COURS

* Cours d' Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 696/5-5)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plombier, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 699/6-3)

### VIDANGE

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 686/18-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 698/6-4)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 698/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 698/6-4)

Namontana

# Vehivavy karàna nitondra môtô voatifitra, lasa ny vola amin'ny kitapo

*Jiolahy roa no nanafika azy ary nitondra môtô ihany koa ry zalahy ireo.*

Nirefotra ny basy teny Namontana omaly tokony ho tamin'ny 9 ora maraina. Vehivavy iray teratany karàna no notifirin'ny jiolahy tamin'io fotoana io ary lasan-dry zalahy ny kitapo nisy vola teny aminy. Araka ny fanazavana azo dia notafihin'ireo olon-dratsy ity vehivavy karàna ity. Ity farany izay nitondra môtô tamin'io. Jiolahy roa ireo nanafika azy ary nitondra môtô ihany koa ry zalahy ireo. Efa narahin'ireo jiolahy avy any amin'izay nalehany tany ity karàna ity. Ka nony tonga teny Namontana dia iny teny am-pandehanana iny no nodakan'ny jiolahy ny môtô nentin-dravehivavy. Nianjera tamin'ny tany ilay teratany vahiny niaraka tamin'ny môtô nentiny, ary rehefa hitan'ireo olon-dratsy fa lavo tamin'ny tany izy dia notifirin'ireo olon-dratsy ka teo ambanin'ny masony no niantefan'ny bala. Dia nalain'ireo mpanafika ny kitapo teny amin'ilay karàna izay fantatra fa nisy vola tao anatiny ary lasa nitsoaka ry zalahy taorian'izay. Tsy mbola voafaritra kosa anefa ny isan'ireo vola voaroba ireo.

**Tompona cash point**

Araka ny fanampim-panazavana azo dia tompona cash point ity vehivavy karàna ity. Tombanana efa fantatr'ireo jiolahy araka izany ny fisian' ny vola amin'ny kitapo nentiny ka nitady ny fomba rehetra ahazoana izany ry zalahy. Rehefa naheno mikasika ny zava-nitranga ny polisy dia tonga nidina ifotony tany amin'ilay toerana nanao fizahana. Efa nentina namonjy hopitaly ihany koa ilay voatifitra taorian'izay. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana.

T.H

Sambava

# Taxi-môtô saika hampiasaina nisy nangalatra

Taxi-môtô iray saika hampiasaina no nisy nangalatra ka lehilahy iray 20 taona no voasambotry ny polisin'ny Fip Sambava tany amin'ny toerana antsoina hoe Marotsiazo Antaimby omaly fa voarohirohy tamin'izany. Araka ny fanazavana azo dia nifanaraka ny tompon'ilay môtô sy ity tovolahy ity fa hanaovana taxi-môtô ilay kodiaran-droa. Dia nomena an'ity farany ny môtô ny alakamisy lasa teo mba natao hitadiavam-bola. Vantany vao azony tany aminy anefa io môtô io dia tsy hita popoka izay nisy an-dralehilahy. Tsy hita araka izany izay nanjavonan'ilay môtô nampiasainy. Teo anatrehan'izay dia nandeha nankany amin'ny biraon'ny polisy ny tompon' ilay môtô nametraka fitoriana. Dia nanomboka avy hatrany ny fanadihadiana manoloana izany. Nisy ihany koa ny fikarohana ka voasambotra ilay lehilahy nitondra ilay môtô. Efa nentina natao famotorana tany amin' ny kaomisarian'ny polisy any Sambava izy taorian'izay.

T.H

Bealanana

# Roa lahy misandoka ho Kalanoro, milaza ho mahay mampitombo vola

Tsy kely làlana mihitsy ny ratsy amin'izao fotoana izao indrindra fa amin'ity resaka fisolokiana ity fa dia mahita hevitra hanaovany ny asa ratsiny foana. Toy ity nitranga tany Bealanana ity dia tovolahy roa no mahavita misandoka ho Kalanoro ka milaza ho mahay mampitombo vola. Ny vola saika hampitomboina indray anefa no nalainy ary mbola nasainy namorona ny tsy misy mihitsy aza. Maro no efa voafitaka sy voasolokin'izy ireo ka nahazoany volabe. Araka ny fanazavana azo, mahay mampiresaka sy mandresy lahatra ireo olona hosolokiany tokoa izy roa lahy ireto amin'ity filazàna fa Kalanoro mahay mampitombo vola ity. Maro no roboka ka misy ny fombafomba asainy hatao hoan' ireo te-hampitombo vola. Tsy maintsy mitondra vola tena izy araka izay lazainy mba hampitomboina ary eo no hitadiavany hevitra hakàna ireo vola ireo.

**Voasambotra**

Tao amin'ny kaominina Antsaradava, distrikan'i Bealanana no tena betsaka olona lasibatr'izy ireo. Noho izany dia efa maro tamin'ny mponina no nahafantatra azy ireo ka nanaovana velapandrika ka voasambotry ny fokonolona ny faran'ny herinandro teo tao Antsiradava izy roa lahy. Nogiazan'ny olona tamin'ny hazo ny tongotr'izy ireo mba tsy ho afamandositra intsony. Saika niharan'ny fitsaràm-bahoaka mihitsy aza raha tsy nalaky tonga ny mpitandro filaminana naka azy ireo.

R.C

Mahitsy

# Lehilahy tratra namaky fiara teo an-tokotanim-piangonana

Tsy voatery ho mitovy avokoa ny anton-dian'ny olona mankany am-piangonana. Tsy hay intsony ihany koa ny manavaka ny olon-dratsy sy ny kristianina tonga hivavaka. Lehilahy iray mantsy no tràtehaka teo am-pamakiana fiara teo an-tokotanim-piangonana iray tao Mahitsy ny Alahady lasa teo. Nanararaotra ny olona variana nivavaka tao am-piangonana izy ka tamin'izay no namakiany ity fiaran'olona iray nipetraka teo an-tokotany. Sendra nisy nahatsikaritra anefa izy teo am-pisokirana ny varavaran' ilay fiara. Niantso avy hatrany ny zandary ireo olona nahita izany ka vetivety dia tonga ireto farany ary voasambotra ilay lehilahy. Rehefa nosavaina izy dia nahatrarana karazam-panalahidy famohana fiara maromaro tany aminy. Tsy afa-niala intsony izy noho izany ka tonga dia nentina tany amin'ny biraon'ny zandary natao famotorana. Tsy mbola nisy ny zavatra lasany tamin'io. Manao fitafiana madio sy mihaja toy ny fitondra mivavaka ireny mihitsy ity lehilahy ity.

R.C

Isandra

# Dahalo 2 tamin'ireo am-polony maty voatifitra



**Nahery vaika ny fifandonana.**

Nisy halatr'omby sy tampim-baravarana nitranga tao Seranana, fokontany Lazaina, kaominina Fanjakana, distrika Isandra, ny alin'ny sabotsy teo tokony tamin'ny 10 ora alina. Dahalo am-polony mirongo basy no nanafika tao amin'io toerana io ka omby 6 no lasan'izy ireo. Rehefa vita ny asa ratsiny dia lasa nitsoaka niankandrefana ry zareo nihazo ny tetin'i Manody. Nanao fanarahana-dia avy hatrany ny Zandary avy ao amin'ny tobim-paritra manodidina. Vokatr'izany dia dahalo 2 no maty nandritra ny fifampitifirana teo amin'ny kizon' Antampea Amboambiry, fokontany Ivozona distrikan'Ikalamavony. Nahery vaika ny fifandonana ary tafaverina avokoa ny omby rehetra. Araka ny fantatra dia samy avy any Fenoarivo distrikan' Ambatofinandrahana dahalo maty voatifitra ireo. Ankoatra ny omby dia sarona ihany koa ny basim-borona marika Baikal kalibra « 12 NR 034243 » an'ireo tsy mataho-tody ireo. Somary mafimafy ny fifanatrehana tamin'ireo dahalo ireo ary maneho izany dia nisy fokonolona mpanara-dia efatra no naratra tao anatin'ny fifampitifirana. Efa nahazo fitsaboana eny amin'ny Csb2 Fanjakana ireto olona ireto : araka ny tatitry ny mpitandro filaminana nanao izao fanarahan-dia izao teny ifotony. Misokatra ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo dahalo mbola tafaporitsaka.

Deyland

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 418 - 12 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

**Lasopy trondro amin'ny legioma**

Zavatra ilaina : nofon-trondro, mety na trondro lena na maina ½ kg, poavrao maitso 3, poavrao mena 3, tongolo be, oliva mainty 10, dità, romarin, menaka, sira sy dipoavatra

Sasao dia diovy tsara ny poavrao ka teteho roa dia tsoahy ny voany. Teteho manify lavalava Voasy sy teteho manify koa ny tongolo be. Afanao ny menaka anaty lapoaly dia arotsahy ao ny tongolo be sy ny poavrao ka ataovy kely ny afo. Tsihifo dia ampirimo ho an'ny ampitso.

Ny ampitso, alao ny trondro dia teteho madinika ka alaharo miaraka amin'ny legioma, mety na lafaoro na amin'ny afo malefaka, dia andrahoy. Rehefa masaka dia ataovy mety ny sira sy dipoavatra. Ampio oliva. Hanina mafana misy rony ka azonao hanina amin'izao na amin'ny vary.

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## TENY MIAFINA N° 711

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsipiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika.
***Vakiana tsotra ny valiny.***

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| L | K | M | E | J | A | G | T | G | N |
| A | M | K | O | I | J | Y | J | K | M |
| E | O | H | Y | T | H | V | S | E | N |
| A | F | G | T | L | L | T | K | N | O |
| J | B | Z | Y | T | D | V | P | L | K |
| Z | A | D | O | D | B | Y | B | A | Z |
| J | B | Z | M | I | R | O | P | L | K |
| D | F | V | D | B | I | Z | K | N | B |
| K | O | K | M | J | T | B | S | B | T |
| L | K | V | E | F | I | Z | T | F | ■ |

07 litera

Val in'ny teny miafina 710 : JAMOKO

### VALIN'NY Kakuro 710

| | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 3 | | 4 | 8 | 9 | | 2 | 7 | 9 | 8 |
| 7 | 2 | | 2 | 1 | 3 | | 1 | 6 | 8 | 2 |
| 6 | 1 | 5 | 3 | 2 | 8 | 7 | 4 | 9 | | |
| 8 | 7 | 9 | 5 | | 7 | 9 | | 8 | 9 | 1 |
| | | 8 | 6 | 9 | | 1 | 8 | 2 | 7 | 3 |
| 3 | 8 | 4 | 1 | 7 | 2 | | 9 | 4 | 8 | |
| 1 | 9 | 7 | | 8 | 1 | 5 | 6 | 3 | 4 | 2 |
| | 6 | 2 | 9 | 1 | | 9 | 7 | 5 | 6 | 8 |
| 9 | 7 | | 7 | 5 | 8 | 2 | 3 | 1 | | |
| 6 | 4 | 9 | 8 | | 4 | 1 | 2 | | 2 | 1 |
| | 1 | 8 | 5 | 3 | 6 | | 5 | 8 | 9 | 7 |
| 9 | 5 | | 4 | 8 | 9 | 5 | 1 | 2 | 7 | 3 |
| 8 | 2 | | 6 | 1 | | 9 | 4 | | 8 | 2 |

### VALIN'NY TENY MIRANDRANA Lah. 7736

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| S | • | E | K | E | N | A | R | E | O |
| I | M | P | I | T | O | • | A | N | • |
| S | • | • | K | • | F | • | I | D | F |
| I | T | S | I | K | I | A | N | A | I |
| N | S | • | S | • | N | • | A | S | N |
| I | A | S | A | N | A | • | R | I | D |
| • | P | O | K | • | O | M | E | N | A |
| N | A | L | O | A | • | V | O | A | I |
| • | K | O | • | • | • | • | • | • | K |
| P | O | I | Z | I | N | A | R | E | O |

## HAFATRA MIAFINA


**Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.**



Valin'ny lalao omaly
**MIREDIREDY TOY NY ADALA**

## TENY MIDINA

1. Fonon-tongotra
2. Tahondrofia
3. Kely saina
4. Teny misafotofoto
5. Zera




**Valin'ny TENY MIDINA omaly**

1. RO
2. ORA
3. RANO
4. ANARO
5. AORANA

## LALAO : TELOMIOVA

Tsipiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo,
***atambaro dia ho hitanao ny valiny***

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| K | A | K | I | R | D | N | E | M | T |
| I | D | A | I | D | A | O | A | O | I |
| T | A | F | T | T | A | F | N | N | F |
| A | A | R | I | R | O | D | O | B | E |
| N | A | N | T | N | R | Z | I | F | O |
| D | D | A | J | A | A | T | A | A | N |
| R | H | A | H | O | R | I | P | K | A |
| O | O | A | Z | O | N | A | R | E | O |
| V | N | A | N | A | S | A | V | A | N |
| I | I | I | O | T | K | O | A | A | N |

OHATRA, EFAINAO, RODOBE, TSAPAO, ADIASI, FEONAO, TANJONA, MAFONJA, BITRONI, NARIANI, AZOAZONI, KITOZAKO, MENDRIKA, AZONAREO, AVARATRAI, TANDROVI, TONDRAHA-NI

- Valin'ny lalao omaly : - MALAHELO - BIKA

## NY TONONANDRONAO TALATA 05 DESAMBRA 2023

**Asorotany 18 aprily - 14 may**
Raha sendra mirava alohan'ny fotoana dia modia ho eo anilany.

**Alahasaty 15 may - 12 jona**
Asa: Mila manao akanjo maivamaivana ianao anio.
Fitiavana: Aza tapahana ny fifandraisanareo an-tambazotra na an-tserasera.

**Asombola 13 jona - 11 jolay**
Asa: Hita reraka eny amin'ny endrika ianao fa maka aina kely aloha.
Fitiavana: Faly tokoa ireo raiamandreny amin'ny zavatra nataonareo.

**Admizana 12 jolay - 10 aogositra**
Asa: Tratraro aloha io tanjonao iray io.
Fitiavana: Tandremo fa feno fitaka ny tany.

**Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra**
Asa: Rehefa miharitra ihany dia aleo hatramin'ny farany.
Fitiavana: Mitady tsy hahay hitatam-bola ianareo roa.

**Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra**
Asa: Aza variana amin'ny rendrarendra.
Fitiavana: Manaoava fanomezana tsy ampoizina ho azy.

**Adijady 09 oktobra - 07 novambra**
Asa: Ovay aloha ny paikady raha tsy nety ilay teo aloha.
Fitiavana: Modia indray aloha hiarahanareo mandinika ny ampitso.

**Adalo 08 novambra - 06 desambra**
Asa: Mila manena vatana ianao fa mitady ho sempotra.
Fitiavana: Aza manasaro-javatra reehfa miresaka aminy ianao.


**Alohotsy 07 desambra - 15 janoary**
Asa: Fanteno tsara ireo namana hiaraha-miasa.
Fitiavana: Ianareo ihany no mahita izay mahasoa anareo.

**Alahamady 16 janoary - 14 febroary**
Asa: Rehefa asa aloha dia tokony asa ihany no eritreretinao.
Fitiavana: Lasa "routine" be loatra ny fiainanareo roa.

**Adaoro 15 febroary - 15 martsa**
Asa: Ataovy dieny mazoto aloha ny asa.
Fitiavana: Aza mitanisa ny ditra izay efa vita teo aloha sao hanahirana.

**Adizaoza 16 martsa - 14 aprily**
Asa: Efa miha mizotra mankany amin'ny fahombiazana, efa tsara.
Fitiavana: Somary hangatsiatsiaka raha ny anio aloha.

## TONDRO-TENY




### Valin'ny tondro-teny omaly

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| M | O | N | I | N | A |
| A | • | A | L | A | N |
| M | A | N | O | T | A |
| A | • | D | • | A | O |
| N | I | A | R | O | • |
| G | O | N | I | N | • |
| I | • | I | S | I | L |

## DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo.
Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. ***Fito*** izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?







## TENY MIRANDRANA Lah. 7737

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

TSIA, IROA, REVO, OTRA, TAIRO, INDRO, LIANA, IASAKO, TSIKERA, AKATONI, ATRAKAO, IVELANI, MPIDOROKA, ALENTIKA, ITOERANI, ERITRERITO, ISAORANAI

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | ■ | |
| | | ■ | | | | ■ | ■ | | |
| | | ■ | | | | | | | |
| | | | | | | | ■ | | |
| | | ■ | | ■ | | | | | |
| | | ■ | | ■ | | | ■ | | |
| ■ | | | | | | | | ■ | |
| ■ | ■ | | | ■ | | ■ | | ■ | |
| ■ | ■ | | | ■ | ■ | | | | |
| | | | | | | | | | ■ |

## KAKURO 711

| | 11 | 29 | 32 | | 15 | 12 | 39 | | 16 | 38 | 3 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 23 | | | | 19 | | | | 4 \ 12 | | | |
| 15 | | | | 42 \ 28 | | | | | | | |
| 26 | | | | | | 34 \ 18 | | | | | 11 |
| | 18 \ 22 | | | | | | | 37 \ 21 | | | |
| 28 | | | | | 3 \ 23 | | | | | | |
| 17 | | 8 | 5 \ 29 | | | | | | 12 \ 7 | | |
| 26 | | | | | | | 37 \ 17 | | | 39 | 3 |
| | 3 | 34 \ 7 | | | 12 \ 25 | | | | | | |
| 8 | | | 27 \ 28 | | | | | | 6 \ 8 | | |
| 23 | | | | | | 24 \ 14 | | | | | 17 |
| | 11 \ 16 | | | 8 \ 17 | | | | 4 \ 20 | | | |
| 10 | | | | | 23 | | | | | | |
| 30 | | | | | 10 | | | | 16 | | |

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalàna napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

## MAHASOA

Tainkafe sy menaka oliva afangaro ary hikosehina ny faritra misy tasy amin'ny vatana na tarehy avy eo kobanina amin'ny rano matimaty.

## AMPITENENO NY BANGA

**Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany**

| | | |
|---|---|---|
| FA | .. | ONY |
| MAN | .. | NA |
| MPA | .. | TRA |

Valin'ny lalao omaly : VOAHETY +LAVITRA + TSARAINA = HEVITRA

## RESAK' HEHY

Nanontany an'i Miora kely ny mpampianatra.
- Fa maninona no tara fidirana an-tsekoly foana ?
- Ny soratra amin'ny takela-by eny an-dalana no mahatonga izany ramose.
- Takela-by ahoana e ?
- Misy soratra eny aùi'ny taela-by eny an-dalana hoe : "Tandremo, sekoly, mandehana mora."

## Sarisary zary tenany

Loko




## Hatsikana an-tsary

Sinoa




## Masoandro Miposaka

**1 Tantara 16 : 11-13**

Mitadiava an'i Jehovah sy ny heriny, Katsaho mandrakariva ny tavany. Mahatsiarova ny asa mahagaga izay nataony, dia ny fahagagany sy ny fitsaran'ny vavany, Hianareo taranak'Isiraely mpanompony, Hianareo olom-boafidiny, taranak'i Jakoba.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Vary maniry an-davabary, ka mitaroka anatin'ny maizina.**

Quand le riz germe dans la fosse ; il pousse dans les ténèbres.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3116**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 7 | | | 2 | | 3 | | |
| 2 | | 9 | 4 | | | | | |
| | | | | | 7 | | 1 | |
| | 3 | 4 | | | | | 6 | |
| 9 | 1 | | | | 2 | | | 4 |
| | | | 8 | | | 9 | | |
| 7 | 6 | | 2 | | | 8 | 5 | |
| | | 5 | | | | | | |
| 8 | 9 | | 7 | | 5 | | 4 | |

Valin'ny laharana **3115**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 3 | 2 | 4 | 7 | 6 | 1 | 5 | 9 |
| 1 | 9 | 7 | 5 | 3 | 8 | 4 | 6 | 2 |
| 4 | 6 | 5 | 1 | 9 | 2 | 8 | 7 | 3 |
| 2 | 5 | 9 | 7 | 1 | 3 | 6 | 8 | 4 |
| 6 | 8 | 4 | 9 | 2 | 5 | 7 | 3 | 1 |
| 3 | 7 | 1 | 8 | 6 | 4 | 2 | 9 | 5 |
| 7 | 2 | 3 | 6 | 4 | 9 | 5 | 1 | 8 |
| 5 | 4 | 6 | 3 | 8 | 1 | 9 | 2 | 7 |
| 9 | 1 | 8 | 2 | 5 | 7 | 3 | 4 | 6 |

Paul Rafanoharana

# Nalefa notsaboina tetsy amin'ny HJRA omaly !

*Tamin'ny 3 ora folakandro tany ho any no niala tao amin'ny HJRA ity voafonja ity ka efa naverina eny amin'ny fonjan' i Tsiafahy avy hatrany.*

Nipoitra indray ! Raha somary nangina nandritra ny fotoana naharitra dia miseho indray ireo mpandray anjara tao anatin'ny raharaha « Apollo 21 ». Omaly maraina dia nisy nahatsikaritra fa nalefa notsaboina teny amin' ny hopitaly HJRA Atoa Paul Rafanoharana, izay isan'ireo voafonja tamin'ity raharaha nanana ny lazany teto amin' ny amin'ny firenena ity. Ny fahitana mpiandry fonja nanaraka marary avy any amin'ny fonjaben'i Tsiafahy no nanaitra ny manodidina ka nahatonga azy ireo liana te hafanatra hoe iza ilay olona nentina teny amin'ny hopitaly. Rehefa nandeha ny fanontaniana sy ny fanadihadiana tsotsotra dia fantatra fa Atoa Paul Rafanoharana ilay voafonja nentin'ireo mpitandro filaminana teny an-toerana io. Matoa moa entina mantanatona toe-pitsaboana goavana toy itony, dia marary izay na misy olana ara-pahasalamana. Tsy fantatra marina moa izay tena fototr'aretina ka antony nitondrana azy namonjy hopitaly toy izao. Tsy nisy rahateo ny antsipirihampanazavana momba izany. Ny hany fantatra fotsiny, dia tamin'ny 3 ora folakandro tany ho any no niala tao amin'ny HJRA ity voafonja ity ka efa naverina eny amin'ny fonjaben'i Tsiafahy avy hatrany taorian'izay. Nandritra izay fotoana izay angamba vao vita ny fitsaboana sy ny fizahana natao azy. Raha tsiahivina, nohelohin'ny fitsarana hanao asa an-terizovona mandritra ny 20 taona Atoa Paul Rafanoharana noho ny raharaha « Apollo 21 » izay niseho tamin'ny 20 jolay 2021. Nandritra ny fitsarana izay natao nanomboka ny 6 desambra 2021, dia izy no voatondro fa atidohan'ny resaka fikasana fifofoana ny ain'ny Filoham-pirenena. Nisy olona telo hafa niaraka voaheloka taminy. Samy miandry fatratra ny tohin'ity raharaha ity indray araka izany ny rehetra.

**JUDD**

Raharaham-pirenena

# Vovonan'ny mpanohitra maromaro no sahy mijoro

Raha mbola tsy vita fiaianana akory ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina dia efa maniry ohatran'ny anana sahady ireo vondrona mijoro hanohitra azy mandritra ny dimy taona manaraka. Isan'izany ny Vondron'ny antoko politika mitaky ny fiverenana amin'ny tany tan-dalàna, izay tarihan-dry Guy Maxime Ralaiseheno sy ry Elia Rabevahiny avy amin' ny Otrikafo. Ny sabotsy teo, nahitsy io elatry ny mpanohitra vaovao io raha namoaka fanambarana fa tsy fifidianana manaraka ny lalàna velona sy ny fenitra demokratika iraisam-pirenena nonitranga tamin'ny 16 Novambra, fa fametrahana ankeriny olona iray, izay manosihosy ny fiandrianam-pirenena malagasy ka antony ijoroan'izy ireo. Nanamafy ny tsy fanekeny ny voka-pifidianana ofisialy, noho ny ambaran'izy ireo ho nahitana fividianana ny safidim-bahoaka sy ny ahiahiny amin'ny hisian' ny krizy aorian'ny fifidianana ka hiteraka korontana sy tsy fahamarinan-toeran'ny fanjakana ihany koa io vovonana io tamin'izany. Ankoatra io dia hita manangasanga any indray ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara (RMDM) raha nangingina mba tsy ilazana hoe hadinodino teo aloha. Omaly, tazana nivory niaraka tamin' ny Filohany Marc Ravalomanana tamin'ny toerana fandraisam-bahiny iray teto an-dRenivohitra ireo akanga sisa nanamborana ao anatin' izany vovonan'ny mpanohitra hankalaza ny faha-5 taona nijoroany izany.

*Mbola tsy ao anatin'ny paikady entin'ny fanoherana hanatrarany ny tanjony aloha hatreto ny fiarahana anaty vovonana tokana sy famoahana mpitarika iray.*

**Fanavotam-pirenena**

Tsy nisy nipika ny dinika saingy heverina fa hanamafy ny asa fanoherana sy hanova paikady hanatrarany ny tanjony toy ny nataony teo aloha hatrany io vovonan'ny mpanohitra io mandritra izao dimy taona manaraka izao. Na izany na tsy izany, nilaza ny Filohany Marc Ravalomanana tao amin'ny tambajotran-tserasera fampiasanytaorian'io fivoriana io fa *« tsy ny toerana na ny voninahitra no tadiavintsika fa ny fanavotana ny vahoaka Malagasy rehetra »*. Ao anatin'izay tontolon'ny fanoherana izay hatrany, mbola sasa-miandry ny hetsika tarihan'ny vondron'ny kandida ny vahoaka notarihany nandritra ireny diabe am-pilaminana talohan'ny fifidianana filoham-pirenena ireny amin'izao fotoana izao.

**Mamy R.**

Fe-potoam-piasana 2024

# Ny FLM no hitantanana ny FFKM

Toy ny fanao isan-toana dia miova ny mpitarika ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara na FFKM. Ireo lehibem-piangonana efatra mirahalahy no mifandimby mitondra izany. Taorian'ny Mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi avy amin'ny FJKM dia ny Pasitora Rakotozafy Denis avy amin'ny FLM indray no ho Filoha vaovao hitantana ny FFKM manomboka amin' ny fe-potoam-piasana an'ny taona 2024. Efa vita nandritra ny fivoriana faha-45 nataon' ny Birao Foiben'ny FFKM tany Fianarantsoa ny faran' ny volana novambra lasa teo ny famindrana ny faneva teo ami'izy ireo. Ny 21 janoary 2024 izao kosa, etsy amin'ny FJKM Analakely no hanaovana fanopoam-pivavahana iraisam-pinoana sady hanatanterahana ny famindrampitanana eo amin'ny roa tonta. Isan'ny nodinihana nandritra ity fivoriana tany Fianarantsoa ity ihany koa ny momba ny fandinihana ny asa tanterahan'ny FFKM manoloana ny fiainam-pirenena. Tafiditra ao anatin' izany ny fanohizana sy ny fanamafisana ny fiarahamidinika eo amin'ireo mpandray anjara politika momba ny raharaham-pirenena ankehitriny.

**JUDD**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Marina izany !

## Zary hadinodino !

**Nivoaka izany iny ny voka-pifidianana. Tsy azo ivalozana, araka ny averimberin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana, isaky ny mamoaka didy ry zareo eny Ambohidahy, na iza faly na iza hanakiana ho tsy mifanaraka amin'ny lalàna. Ny fametrahana ny filoha amin'ny fomba ôfisialy indray no dingana manaraka, mialoha ny hanohizany ny andraikiny mandritra ny dimy taona manaraka. Miainga amin'ny zava-misy iarahan'ny vahoaka mahita sy miaina dia mivangongo ny olana, raha tsy hitanisa afa-tsy ny fiakaran'ny vidim-piainana; ny tsy fisian'ny asa ho an'ny tanora ; ny fahapotehan'ny rafipampianarana amin'ny ambaratongany avy; ny firongatry ny tsy fandrimpahalemana…Itsy farany izay tena mampikaikaika ny isan-tokatrano, tsy any amin'ny faritra na ny ambany ravin-kazo ihany fa na eto an-drenivohitra aza. Saika isan'andro no andrenesana fanafihan'andianjiolahy mampiasa fitaovam-piadiana mahery vaika; vono olona; sinto-mahery; hala-jaza; fanapahan-doha; halatra voamaso ; fakàna an-keriny…Santionany fotsiny ireo fa lava ny lisitra raha tanisaina. Ny ezaka hamerenana amin'ny laoniny ny fandriampahalemana izay fantatra fa mianjina tanteraka amin'ny ezaka sy ny paikady ataon'ny mpitandro filaminana. Ho an'iretsy farany anefa tsikaritra ho zary lasa hadinodinony ny tena andraikiny, miaro ny olona sy ny fananany, noho izy ireo revo tamin'ny fanatanterahana baiko pôlitika, mialoha sy nandritra ny fifidianana ary dia ireny niaraha-nahita teny an-kianja ireny ny zava-nisy. Antenaina kosa manomboka izao fa hanova famindra izy ireo ka hifantoka tanteraka amin'ny andraikitra ankinin'ny lalam-panorenana aminy, ho fanajakana ny tany tan-dalàna**

Voahangy Rakotozafy

Rafitra governora

# Ahiana mbola hampiharina amin'ny dimy taona manaraka

Miainga amin'ny andinindininy ao amin'ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2024 dia mbola tsy mieritreritra ny hiroso amin'ny fifidianana governora na antsoin'ny asany hoe filohan'ny Faritra ny fitondram-panjakana. Raha toa ka hita taratra ao anatin'izany volavolan-dalàna izany mantsy ny tetibola ho an'ny fikarakarana ny fifidianana kaominaly sy solombavambahoaka dia tsy misy resaka fifidianana governoram-paritra. Araka izany, tsikaritra ho mbola tsy rototra amin'ity farany ny fitondram-panjakana ka ahiana ho tazonina hatrany io rafitra governora io ao anatin'izao dimy taona manaraka hitantanan'ny Filoha Andry Rajoelina izao. Raha tsiahivina anefa, nilaza ny Filohan'ny HCC teo aloha Jean Eric Rakotoarisoa tamin'ny 28 janoary tamin'ny taona 2021 fa vonjimaika ihany ny fanendrena ireo governora 11 voalohany ary tsy maintsy himasoana ny fifidianana azy ireo, satria izay no voalazan'ny Lalàmpanorenana. Mbola tsy mieritreritra ny hiroso amin'izany anefa ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao. Ao anatin'izany rehetra izany, mbola miteraka resabe hatrany ny loharanom-bola ampiasain'ireto governora notendrena , izay mbola amperinasa amin'izao fotoana izao.

*Tsy rototra amin'ny fikarakarana ny fifidianana governora na filohan'ny faritra ny fitondram-panjakana.*

**Hihamafy ny savorovoro**

Miverimberina amin'izany ny hoe tsy fanta-piavina ny vola ampiasain'ny governora ary tsy hita ao anaty tetibolam-panjakana izany kanefa dia misitraka famatsiam-bola 2 miliara ariary hanatanterahana fotodrafitr'asa miampy 210 tapitrisa ariary fampandehanan-draharaha ny faritra iray, ary tantanin'ny governora avokoa ireo. Amin'izao fotoana izao, raha ny voarakitra ao anatin'ny Volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana dia mieritreritra ny hampakatra ny isan'ny faritra ho 25 ny mpitondra ka azo heverina ihany koa fa hitombo ny isan'ireo governora ireo. Ambonin'izany, ahiana mbola hihamafy ihany koa ny savorovoro, na eo amin'ny samy tomponandraikitra (olom-boafidy sy olom-boatendry) na eo amin'ilay governora sy ny vahoaka mandritra ity dimy taona manaraka ity raha mbola ho tohizana io rafitra governora io. Raha ny zava-nisy teo aloha mantsy, dia hitrangana disadisa hatrany any amin'ireo faritra tantanana governora, ary ny nahavariana dia ireo samy olon'ny fitondrana teo aloha ihany no nifanebaka sy nifampitsikera ary tonga hatramin'ny fifanongana mihitsy izany. Dia ho hita eo ny tohin'ny raharaha!

**Mamy R.**

Kitra - Seksiôna Tanà Renivohitra

# Hampiasa kara-pilalaovana biometrika

*Nanana ambim-bola mitentina 461 000ar izy ireo, izay midika ho fahaiza-mitantana.*



**Nanatrika ity AGO ity ny avy ao amin'ny DRJS sy ny ligin'Analamanga.**

Kara-pilalaovana biometrika no ampiasaina mandritra ny taom-piasana eo anivon'ny seksiôna Antananarivo Renivohitra, taranja baolina kitra. Io no nambaran'ny filohany, Raharimandimby Jean Serge omaly tetsy amin'ny mon gouter, nandritra ny fivoriambe fanao arapotoana ho an'ny seksiôna Antananarivo Renivohitra. *« Isorohana ny hala-taona mitranga sy hanarahana ny taonan'ireo mpilalao mandritra ny taom-piasana 4 taona no hanaovana izao »*, hoy ny filoha Serge, satria dia misy mahasahy mampangala-taona ny mpilalao ao aminy hatrany. Alefanay eny anivon'ny ligy sy ny federasiona ihany koa izany, hoy hatrany ity filoha ity, hahafahana miara-miasa amin'ny famongorana ity tarazo eo amin'ny tontolon'ny baolina kitra ity. Mahakasika ity seksiôna Antananarivo Renivohitra ity hatrany, nialohavan'ny tatitra ara-moraly sy ara-bola, ka tamin'izany no nanambarana tamin'ny fomba ofisialy ireo klioba nandrombaka ny anaram-boninahitra tamin'ny taom-pilalaovana teo aloha. Ho an'ny 6- 7 – 8 taona dia ny klioban'ny Ezama no tompondaka. Ho an'ny 9-10 taona dia ny EFT no tompondaka, mbola ny klioban'ny EFT hatrany no nandrombaka ny 11 -12taona raha ny klioban' ny Five Academy ny teo amin'ny 13 – 14taona. Ho an'ny 15 – 16taona dia ny Mada foot Juniors, ny Jsem no tompondaka teo amin'ny 17-18taona ary ny Us Pro Academy kosa no teo amin' ny 19 – 20taona. Ho an'ny ara-bola dia 35 505 000ar no vola niditra ka rehefa nanesorana ireo vola nivoaka dia nanana ambimbola mitentina 461 000ar izy ireo, izay tsy misy fatiantoka. Tamin'ny jolay lasa teo moa no nahalany ho filoha indray an'i Serge ka nisy ny fanovana ireo mpikambana tao aminy, izay nampahafantarina ny mpivory omaly. Anisan'ny olana nosedrain' ny seksiôna Antananarivo Renivohitra ny kianja saingy fantatra fa efa afaka hampiasa ny eny Betongolo izy ireo atsy ho atsy, eo koa ny eny Andoharanofotsy.

**Rabenaivo**

"FIBA 3x3 - Coupe d'Afrique"

# Tsy miatrika lalao olympika ny Ankoay

Tsy tontosa ny nofinofin'ny ekipam-pirenena lehilahy amin'ny « FIBA 3x3 », hanohy ny diany amin'ny tokony hiatrehana ny lalao olympika 2024 tanterahina any Paris (France), satria nailik'i Nigeria tamin'ny isa 17 no ho 15, teo amin'ny lalao manasa-dàlana tamin' ny fiadiana ny Amboaran'i Afrika, natao tany Le Caire renivohitr'i Eygpta, ry Livio Ratianarivo (COSPN / 185 sm / 27 taona) sy Elly Randriamampionona (GNBC / 188 sm / 26 yaona) ary Arnol Solondrainy (COSPN / 203 sm / 24 taona) sy Rick-Ley Loubacky (GNBC / 198 sm / 26 taona), izay teo ambany fanazaran'i Jean de Dieu Randrianarivelo « Deda ». Ny fitsipika mifehy ny fifaninanana dia maneho fa ny ekipam-pirenena anankiroa, miatrika ny lalao famaranana, no afaka mandray anjara amin'ny dingana faharoa amin'ny fahazoana ny tapakila hiatrehana ny fifaninanana any France. Na dia nisy aza ny fahavoazana dia tsy mitondra tanampolo mody an-tanindrazana ny Ankoay lahy, ary toraka izany koa ny vavy, izay zarin' i Mathieu Rakotomalala, fa samy nandrombaka medaly alimo avokoa ireo solontenantsika ireo. Teo amin'ny lalao fiadian-toerana fahatelo dia resin-dry Sarobidy Randritahiana (GNBC / 171 sm / 26 taona) sy Muriel Hajanirina (MB2ALL / 175 sm / 25 taona) ary Christiane Jaofera (MB2ALL / 188 sm / 24 taona) sy Sydonie Andriamihajanirina (MB2ALL / 177 sm / 28 taona) tamin'ny isa 19 no ho 17 ny ogandezy, raha 20 no ho 16 no nandresen'ny lehilahintsika ny alzeriana.

**aris rafaly**

Basket - Fahoriana

# Tsara levenana i Bomba



**Mandria am-piadanana zandry !**

Tanteraka soa aman-tsara, teny amin'ny fasan-drazany teny Itaosy tamin'ny alahady tolakandro teo, ny fandevenana an'i Herilanto Nirina Pierrot Randriamanalina « Bomba », rehefa avy nanomezam-boninahitra an'Andriamanitra farany tao amin'ny EKAR Saint Michel Itaosy. Ankoatra ny fianakaviamben'ny basket-ball, dia olo-manan-kaja maro no tonga nanotrona ny fandevenana ny vatana mangatsiakan'i Bomba, izay nindaosian'ny fahafatesana teo amin'ny faha-47 taonany tamin'ny alakamisy 30 novambra 2023. Tsiahivina fa rehefa nitsahatra tsy nilalao basket-ball intsony izy dia nanokana ny tenany tamin'ny asan'ny mpanazatran, izay tena hentitra sy sarotiny tokoa amin'ny fifehezana ny mpilalaony. Tsy teo amin'ny klioba irery ihany no nanaovany an'izany fa hatramin'ny ekipam-pirenena. Anisan'ny klioba nilalaovany sy nozarina ireto tanisaina ireto, dia ny Mad Consult Boeny/Sebam Boeny/Ascut Atsinanana/Bbcm /Club Bemiray/Club Saint joseph Antsirabe/Cotherme Antsirabe/ Club Masla/Asptt/Adema/ Shooting Star. Namela an-dRtoa Andrianalivolanjanahary Randianina ho mananotena i Bomba, ary namela an'i Hery Andrandraina sy Hery Ny Aina Iriantsoa ho kamboty.Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mampionona sy mampahery ny ankohonana sy ny fianakaviany.

**a.r**

